



Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

Miasa Amin'ny Fahazotoana Rehetra

Mila mianatra avy amin'ny Tompo ny adidintsika isika ary avy eo dia miasa amim-pahazotoana, tsy mila kamo na midonana-poana velively

Ry rahalahy, feno fankasitrahana aho miaraka aminareo anio hariva. Ary amim-panetren-tena no hankasitrahako ireo asa fanompoana mahatokin'ny fisoronana ataonareo. Hiresaka aminareo mikasika ny fahazotoana eo amin'ny fanaovana ny asan'ny Tompo aho anio hariva. Ireo zavatra sasantsasany niainako vao tsy ela no nisarika ahy hisafidy izany.

Ny iray tamin'ireo dia ny fandalina-ko tamim-pitandremana ilay bokikely vaovao mahavariana ho an'ny Fisoronana Aharôna izay vao nolazain'ny Rahalahy David L. Beck. Izany dia mitondra ny lohateny hoe *Adidy amin'Andriamanitra*. Teo am-pamakiana sy am-pisaintsainana ny zavatra takiana ho ataon'ny zatovolahy sy ny tiana hahatongavan'izy ireo aho dia nahatsapa fa mamaritra ny fampanantena nataon'ny Filoha Brigham Young ho an'ireo mpihazona ny fisoronana izay mazoto mandritra ny andrompiainany izany manao hoe: "Ny tsirairay izay mihazona ny fisoronana, manohy manatanteraka amim-pahatokiana ny antsony, mifaly hatrany amin'ny fanaovana ny zavatra takian'Andriamanitra ho ataony, ary manohy ireo adidy rehetra mandritra ny andrompiainany dia hahazo tsy ny

tombontsoa amin'ny fandraisana ihany, fa ny fahalalana ihany koa momba ny fomba fandraisana ny zavatr'Andriamanitra, mba hahafantaran'ny ny sain'Andriamanitra lalandava."¹

Herinandro vitsivitsy lasa izay dia nahita diakona iray vao manomboka mandeha amin'ilay lalan'ny fahazotoana aho. Nasehon'ny rainy ahy ny sary noforonin'ny zanany lahy izay mampiseho ny filahatr'ireo seza ao ampiangonana, ny laharan'ireo diakona izay ho voatendry hizara ny Fanasan'ny Tompo, ary ny lalana ho arahany eo am-pizarana izany Fanasan'ny Tompo

izany amin'ny mpikambana. Nitsiky izaho sy ny rainy rehefa nieritreritra hoe tovolahy kely iray, izay tsy nangatahana hanao izany akory, dia nanao drafitra mba hahazoany antoka fa hahita fahombiazana izy eo amin'ny fanaovana ny asan'ny fisoronana.

Hitako taratra teo amin'ny fahazotoany ny lamina avy tao amin'ilay bokikely vaovao *Adidy amin'Andriamanitra (Devoirs Envers Dieu)*. Izany dia ny fianarana ny zavatra andrasan'ny Tompo aminao, ny fanaovana drafitra entina hanatanterahana izany, ny fiasana amim-pahazotoana arak'ilay drafitra, ary avy eo dia ny fizarana amin'ny hafa ny fiovana nentin'izany teo amin'ny fiainanao sy ny fitahiana voarain'ny hafa.

Nanao izany sary izany ilay diakona mba hahazoany antoka fa hanao ny zavatra niantsoan'ny Tompo azy izy. Eo am-panombohany ny asa fanompoan'ny fisoronana izay ataony dia nampianarin'ny Tompo izy mba hifaly tsy tapaka amin'ny "fanaovana ny zavatra takian'Andriamanitra aminy."²

Ilay zavatra iray hafa izay nisarika ahy hiresaka mikasika ny fahazotoana aminareo anio hariva dia ny fahitana lehilahy iray izay eo am-pamaranana ny asa fanompoan'ny fisoronana eo amin'ity fiainana ity. Efa eveka indroa izy. Ny fiantsoana azy voalohany ho eveka taona maro lasa talohan'ny nifanenko taminy, dia fony izy mbola tanora. Ankehitriny dia efa antitra izy, ary nisaorana fanindroany tamin'ny naha-eveka azy. Ny tsy fahasalamany izay nihombo hatrany no lasa nampananosarotra ny fanatanterahany izay mety asa fanompoan'ny fisoronana.



Nanana drafitra entina hanatanterahana izany amim-pahazotoana izy. Isaky ny Alahady izay nahafahany nian-gona, dia nipetraka teo amin'ny seza akaikin'ny varavarana izay hidiran'ny ankamaroan'ny olona rehefa hanatrika ny fivoriana Fanasan'ny Tompo izy. Ataony izay hahatongavany eo aloha mba hahazoany antoka hahita seza malalaka eo. Ireo olona rehetra tonga dia afaka mahita ilay fijeriny feno fitiavana sy fandraisana amim-pifaliana, toy ny nataony fony izy nipetraka teny aloha tamin'ny fotoana naha-evekan'izy ireo azy. Izany fihetsika mitaona fanahy izany dia nanafana sy nanohana anay satria fantatray fa fantany ny zavatra takiana amin'ny fanompoana. Tapitra ny andraikiny tamin'ny maha-eveka azy fa ny asa fanompoan'ny fisoronana kosa dia tsy nifarana.

Efa nahita ohatra mitovy nataon'ny mpanompo lehibe ao amin'ny fisoronana toy izany ianareo. Anio hariva dia hiezaka aho ny hilaza ny zavatra nianarako avy tamin'izy ireo. Izany dia miantomboka amin'ny fahalalany hoe iza no tompoiny sy hoe inona no tanjon'izany. Rehefa milatsaka lalina ao am-po izany dia hampiova zavatra tokoa.

Voalohany dia hiresaka mivantana aminareo zatovolaha ao amin'ny Fisoronana Aharôna aho. Hazoto kokoa ianareo rehefa tsapanareo ny halehiben'ny fahatokiana napetrak'Andriamanitra aminareo. Misy hafatra avy amin'ny Fiadidiana Voalohany ao amin'ilay bokikely *Adidy amin'Andriamanitra*: “Mametra-pahatokiana lehibe aminareo ary manana asa manan-danja mba ho tanterahanareo ny Ray any andanitra. Hanampy anareo Izy rehefa mangataka Aminy amim-bavaka ianareo, henoy ny bitsiky ny Fanahy, mankatoava ny didy ary hajao ny fanekempihavanana izay nataonareo.”³

Niverina teto an-tany i Jaona Mpanao Batisa mba hamerina ny fisoronana izay hazoninareo ry zatovolaha. Izy no nihazona ny fanalahidin'ny Fisoronana Aharôna. I Jaona ilay nana-tonan'i Jesoa mba hanao batisa azy izany. Fantatr'i Jaona izay niantso azy. Hoy izy tamin'ny Tompo hoe: “Izaho no tokony hataona batisa.”⁴

Fantatr'i Jaona fa ny fisoronana Aharôna no “mihazona ny fanalahidin'ny fanompoan'ny anjely, sy ny an'ny



filazantsaran'ny fibebahana, ary ny an'ny batisa asitrika ho famelana ny fahotana” tamin'izy nirahin'ny Tompo hanendry an'i Joseph Smith sy Oliver Cowdery tamin'ny 15 Mey 1829.⁵ Fantany izay niantso azy ary ny tanjona be voninahitra nanirahana azy.

Ny fisoronanareo dia mamela anareo hizara ny Fanasan'ny Tompo amin'ny mpikamban'ny Fiangonana ankehitriny. Izany ilay tombontsoa mitovy nampanantenain'ny Mpamonjy ny Apôstôly Roambinifolo nandritra ny asa fanompoana nataony. Natolony indray izany rehefa niantso ny mpianany roambinifololaha Izy taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty mba hitarika ny Fiangonany.

Ny Tompo tenany mihitsy, araka izay voafaritra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, no nanome ny tandindona hahatsiarovana ny fahafoizan-tena tsy manam-petra nataony ary nanorina izany teo amin'ny vahoakany. Alaivo sary an-tsaina Izy sy ny fomba Hanajany anareo rehefa manatanteraka ny asa fanompoan'ny fisoronanareo ianareo. Rehefa mahatsiaro Azy ianareo dia ho vonona ny hanatanteraka ny asa fanompoana masina, arak'izay vitanareo, toy ny nataony tamim-pahatokiana.⁶

Azo atao lamina eo amin'ny fiainanareo izany ka hampitombo ny herinareo mba hazoto amin'ny asa fanompoan'ny fisoronana izay hanomanan'ny Tompo

anareo sy hiantsoany anareo. Izany fahavononana izany dia hanampy anareo handray ny Fisoronana Melkizedeka, izay nantsoina fahiny hoe “Fisoronana Masina, araka ny Lamin'ny Zanak'Andriamanitra”⁷.

Ankehitriny dia te-hiresaka aminareo izay voantso sy nomena voninahitra hanompo ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka aho. Toy ny tamin'ny Fisoronana Aharôna, ny Fisoronana Melkizedeka dia mihoatra noho ny fametraham-pitokisana hanao ny zavatra mety ho nataon'ny Tompo. Fanasana ho tonga tahaka Azy bebe kokoa izany. Iza manaraka izao no fampanantenany:

“Fa na zovy na zovy no mahatoky ka mahazo ireo fisoronana roa izay efa noteneniko ireo sy milofo amin'ny antso ananany, dia hamasinin'ny Fanahy ho fanavaozana ny vatany.

“Izy dia tonga zanakalahin'ny Mosesy sy an'i Aharôna, ary taranak'ny Abrahama, ary fiangonana sy fanjakana, ary nofinidin'Andriamanitra.

“Ary ireo rehetra, izay mandray ity fisoronana ity koa, dia mandray Ahy, hoy ny Tompo;

“Fa izay mandray ireo mpanompo ko dia mandray Ahy;

“Ary izay mandray Ahy dia mandray ny Raiko;

“Ary izay mandray ny Raiko dia mandray ny fanjakan'ny Raiko; koa izay rehetra ananan'ny Raiko dia homena azy.”⁸

Misy lamina napetraka mba hahafahan'ny mpihazona fisoronana rehetra handray izany fitahiana be voninahitra izany. Ao amin'ny soratra masina dia nomen'ny Tompo ho antsika izany lamina izany ao amin'ny fizarana faha-107 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana:

“Koa ankehitriny, aoka ny olona tsirairay hianatra ny andraikiny ary hiasa amin'ny zotom-po rehetra ao amin'ny anjara fanompoana izay anendrena azy.

“Izy midonahanam-poana dia tsy hisaina ho mendrika ny hahazo sitraka, ary izay tsy mianatra ny adidiny, ka mampiseho fa tsy mahafatra-po ny tenany, dia tsy hisaina ho mendrika ny hitoetra. Izany tokoa. Amena.”⁹

Mila mianatra avy amin'ny Tompo ny adidintsika isika ary avy eo dia miasa amim-pahazotoana, tsy mila kamo



na midonana-poana velively. Izany drafitra izany dia tsotra kanefa tsy mora ny manaraka azy. Mora voasembatsembana isika. Ny fandalinana ny vaovao isan'andro dia mety toa mahaliana antsika kokoa mihoatra noho ny boky fampianarana ny leson'ny fisoronana. Ny fipetrapetrahana ba hakana aina dia mety mahasarika antsika kokoa mihoatra noho ny fakana fotoana hamangiana ireo mila ny asa fanompoan'ny fisoronana ataontsika.

Rehefa manalavitra ny fanatontosana ny adidiko eo amin'ny fisoronana aho noho ny zavatra mahaliana hafa ary rehefa mitady haka aina ny vatako, dia miteny amin'ny tenako an'ity antso mafy manome hery ity aho hoe: “Tsarovy Izy.” Ny Tompo no ohatra tonga lafatra ho antsika raha ny mikasika ny fahazotoana eo amin'ny asa fanompoan'ny fisoronana. Izy no kapitenintsika. Niantso antsika Izy. Nifidy antsika Izy mba hanaraka Azy sy hitondra ny hafa hiaraka amintsika.

Izao takariva izao dia tsaroako Izy ary mampihetsi-po ahy izany. Ity dia tahaka ilay Asabotsy alina talohan'ny Alahadin'ny Paska izay hahatsiarovantsika ny Fitsanganany tamin'ny maty. Tsaroako ny Ohatra nataony tao anatin'ireo andro talohan'ny nahafatesany.

Noho ny fitiavany ny Rainy sy ny fitiavany antsika dia namela ny Ténany hijaly mihoatra noho ny zakan'ny olombelona Izy. Nilaza tamintsika ny

sasantsasany tamin'ny zavatra notakian'izany sorona tsy manam-petra izany taminy Izy. Tadiidinareo ireto teny ireto:

“Fa indro, Izaho Andriamanitra dia efa nijaly tamin' ireo zavatra rehetra ireo ho an' ny rehetra, mba tsy hahatonga azy ireo hijaly raha mibebaka;

“Nefa raha tsy mety mibebaka izy ireo dia tsy maintsy mijaly tahaka Ahy;

“Fijaliana izay nahatonga ny Tenako, Ilay Andriamanitra, Ilay lehibe indrindra noho ny rehetra, hangovitra noho ny fangirifiriana sy hivoa-dra amin' ny mason-koditra rehetra, ary hijaly na vatana na fanahy—ary niriko ny mba tsy hisotroako ilay kapoaka mangidy sy hitakemotra—

“Kanefa, voninahitra anie ho an' ny Ray, ary nosotroiko izany ary novitaiko izay efa nomaniko ho an' ny zanak' olombelona.”¹⁰

Teo amin'ny hazo fijaliana teo Kalvary no nanambaran'ny Mpamonjy hoe: “Vita.”¹¹ Avy eo dia niala tamin'ny vatany ny fanahiny, ary dia napetraka tamim-panajana tao amin'ny fasana ny vata-mangatsiakany. Nampianatra lesona antsika Izy tamin'ny zavatra nataony nandritry ny telo andro tany amin'ny tontolon'ny fanahy, talohan'ny nitsanganany tamin'ny maty, izay tsaroako foana isaky ny tratran'ny fakam-panahy aho hiteny hoe vitako ireo asa mafy tao anatin'ny asa fanompoako Azy ary mendrika ny haka aina aho.

Ny ohatry ny Mpamonjy dia manome ahy herimpo mba hanohy hatrany. Ny Asany teto an-tany dia vita, kanefa nankany amin'ny tontolon'ny fanahy Izy, tapa-kevitra ny hanohy ny Asany be voninahitra hanavotana ireo fanahy. Nandrindra ny asan'ireo fanahy mahatoky Izy mba hamonjy ireo izay mbola afaka handray ny famindram-po izay azo tanterahana amin'ny alalan'ny Sorompanavotany. Tadiidio ny teny ao amin'ny fizarana faha 138 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana.

“Fa indro, avy teo anivon'ny olomarina Izy no nandrindra ny heriny ka nanendry iraka nitafy hery sy fahefana, ary nandidy azy ireo handeha sy hitondra ny fahazavan'ny filazantsara ho an'ireo izay tao amin'ny haizina, dia ho an'ny fanahin'ny olona rehetra; ary dia toy izany no nitoriana ny filazantsara tamin'ny maty.

“Ary ireo iraka voafidy dia nandeha mba hanambara ny androm-pankasitrahana'ny Tompo ary hitory fanafahana amin'ny babo izay voafatotra, dia amin'ny izay rehetra te hibebeba amin'ny fahotany sy handray ny filazantsara.”¹²

Isaky ny mahatsiaro Azy isika dia ho lasa mora ho antsika ny manohitra ny fakam-panahy hiala sasatra amin'ny fanaovana ny asantsika ao amin'ny fisoronana. Tsy maintsy hahatsiaro Azy isika androany, matoa tonga eto isika hianatra ny adidintsika, vonona ny hanao izay nanaovantsika fanekehempihavanana fa hataontsika, ao anatin'ny fahazotoana tanteraka. Ary noho ny Ohatra nasehony dia haharitra hatramin'ny farany isika amin'ny fanaovana ireo asa nomeny mba hataontsika eto amin'ity fiainana ity, ary hanolo-tena hanao ny sitrapon'ny Rainy mandrakizay, toy ny Nataony sy Ataony.

Ity no Fianganon'ny Tompo. Niantso antsika izy ary natoky antsika na dia ao anatin'ny fahalementsika aza izay fantany fa ananantsika. Fantany ny fitsapana izay ho atrehintsika. Amin'ny alalan'ny asa fanompoana amim-pahatokiana sy amin'ny alalan'ny Sorompanavotany dia afaka ny hanam-paniriana izay zavatra mba hiriako isika sy ho tonga amin'ny tokony hahatongavantsika mba hahafahana hitahy ireo izay tompointsika ho Azy. Rehefa manompo Azy maharitra sy amim-pahazotoana isika dia hiova.

Afaka ny hitovy bebe kokoa Aminy isika.

Vao nahita izany fahagagana izany teo amin'ny fiainan'ny Mpanompony iray aho. Hitako izany herinandro vitsivitsy lasa izay tao amin'ny efitrano fandraisam-bahinin'ny mpihazona fisoronana mahatoky iray.

Nahafantatra azy aho tamin'ny naha-diakona sy naha-ray ary naha-eveka sy naha-mpikambana azy tao amin'ny fiadidian'ny tsatòka. Efa am-polo taonany maro no nahitako ny fahazotoany teo amin'ny asa fanompoana ny zanak'Andriamanitra niaraka tamin'ny alalan'ny fisoronany.

Nanodidina azy tao amin'ny efitra fandraisam-bahiny ny fianakaviany. Nitsiky izy, nanao lobaka fotsy, palitao, sy karavato. Gaga aho raha tonga teo satria nolazaina tamiko fa teo ampanarahana fitsaboana mahery vaika izay mbola tsy nahasitrana azy izy.

Nefa dia niarahaba ahy izy tahaka ny fiarahabany ireo mpitsidika anjatony maro tao anatin'ny fotoana nanompoany tao amin'ny fisoronana nandritra ny fiainany, amim-pitsikiana. Tonga mba hanampy azy amin'ny fitsapana atrehiny aho, kanefa toy ny zava-mitranga matetika ao amin'ny asa fanompoan'ny fisoronana, dia iza ho indray no nahazo fanampiana sy nianatra lesona.

Nipetraka izahay ary nanao resaka mahafinaritra. Nolazainy tamiko fa rehefa nanakaiky ny fahafatesana ny reniko dia nanampy azy ny rainy. Tsy nahafantatra izany aho. Tsapako teo fa nianarany avy tamin'ny rainy izay mpihazona fisoronana feno fahazotoana, ny fanampiana ny hafa, fony izy mbola zazalahikely. Nahatonga ahy ho feno fankasitrahana izany noho ireo fotoana nitondrako ireo zanako lahy miaraka amiko rehefa manao fitsidihan'ny fisoronana aho mba hanomezana fampiononana sy tsodrano.

Minitra vitsivitsy taorian'izany dia nangataka ahy moramora izy hoe: “Moa ve afaka mangataka anao hanome tsodrano ahy aho?” Ny filohan'ny tsatòkany teo aloha, izay niara-niasa tamin'ny nandritra ny taona maro, no nanosotra menaka ny lohany tamin'ny menaka voatokana tamin'ny alalan'ny herin'ny Fisoronana Melkizedeka.

Rehefa namehy ny tsodrano aho dia

nampianarin'ny Fanahy Masina farafaharatsiny ampahan'ny zavatra efa nataon'ny Tompo tamin'ity mpihazona ny fisoronana mahatoky ity. Efa nadio izy, ary voasasa ny otany. Niova ny toetrany ka lasa naniry izay nirian'ny Mpanompony. Tsy natahotra ny fahafatesana izy. Ny fanirian'ny fony dia ny hiaina mba hanompoany ny fianakaviany sy ireo zanaky ny Ray any an-danitra hafa izay mila azy.

Nody tamim-pankasitrahana aho tamin'izany alina izany raha avy nanatri-maso ny hatsaram-pon'ny Tompo tamin'ireo Mpanompony ao amin'ny fisoronana izay mazoto. Nanova ny fon'izy ireo Izy mba haniry izay zavatra Iriany sy hanao izay ho Nataony.

Hofaranako amin'ity torohevitra ity ho an'ireo mpanompon'ny Tompo ny lahateniko. Saintsaino lalina sy amimpahazotoana ny soratra masina sy ny tenin'ny mpaminany velona. Aza mitsahatra mivavaka mba hanambaran'ny Fanahy Masina aminareo ny toetoetran'Andriamanitra Ray sy ny Zanakalahiny Malala. Mangataha mba hampisehoan'ny Fanahy anareo ny tian'ny Tompo ho ataonareo. Manaova drafitra hanatanterahana izany. Ampanantenao ny fankatoavanareo Izy. Manaova asa amim-pahavononana tanteraka mandrapahavitanareo izay hangatahiny. Avy eo dia mivavaha mba hisaorana noho ny fahafahana manompo sy mba hahafantatra ny zavatra mety ho ataonareo manaraka.

Mijoro ho vavolombelona aminareo

aho fa velona ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa Kristy. Olona nitsangana tamin'ny maty sy be voninahitra izy ireo ary tia antsika sy miahy antsika. Naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'ny iraky ny lanitra tamin'ny Mpaminany Joseph Smith ny fanalahidin'ny fisoronana. Nafindrafindra tsy nisy fahatapahany izany ka natolotra tamin'ny Filoha Thomas S. Monson. Ireo fanalahidy ireo dia hazonin'ny Apôstôly velona tsirairay.

Mitsodrano anareo aho mba hahatsapanareo amin'ny alalan'ny Fanahy ny halehiben'ny fahatokisana sy fampantenanana noraisinareo amin'ny mahampanompo notendrena ao amin'ny fisoronana anareo ato amin'ny Fiangonana marin'ny Tompo. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. *Teachings of Presidents of the Church: Brigham Young* (1997), 128.
2. *Teachings: Brigham Young*, 128.
3. *Fulfilling My Duty to God: For Aaronic Priesthood Holders* (booklet, 2010), 5.
4. Matio 3:14.
5. Jereo Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 13.
6. Jereo 3 Nefia 20:3–9.
7. Jereo Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 107:3; jereo koa Alma 13:1–9.
8. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 84:33–38.
9. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 107:99–100.
10. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 19:16–19.
11. Jaona 19:30.
12. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 138:30–31.

